# ALAHADY FAHA 14 MANDAVANTAONA - A



## *I JESOA: BE FITIAVANA SY MALEMY FANAHY*

Ry Kristianina havana, isaky ny Alahady mandritra ny vaninandro mandavantaona dia manome toetra anankiray antsika ny Eglizy amin'ny alalan'ireo vakiteny izay henointsika ny Alahady ka halalinintsika mandritra ny herinandro mba hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona, hahatonga antsika ho EOV, Eglizy Olo Velo miombona miara-dalana mandray an-tanana irahina ho Misionera, ho Tabernakla Velona.

**Vakiteny I :** Zak. 9. 9-10
**Tononkira :** Salamo 144
**Vakiteny II :** Rôm. 8, 9. 11-13
**Evanjely :** Mt. 11, 25-30

Ny fanaovana asa soa, ny fandraisana ny vahiny, ny fandraisana ny hafa no nohalalinintsika tamin'ny Alahady faha-13 lasa teo mba hahatonga antsika ho Kristy eo anivon'ny mpiara-belona amintsika, hahatonga antsika ho fanasina amin'ireo mpiara-belona amintsika.

Amin'izao Alahady faha-14 mandavantaona izao kosa dia toetra anankiray ao amin'i Jesoa indray no banjinintsika, halalinintsika, ianarantsika ary alohan'ny hianarantsika azy dia i Jesoa mihintsy no miantso antsika mba hiombona Aminy ka lazainy hoe : "*Mankanesa aty amiko ianareo izay manana enta-mavesatra fa hanamaivana anareo aho ary tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny zanaka ihany, hanamaivana anareo aho, ento ny jiogako ary mianara amiko fa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po aho dia hahita fiadanana ianareo".*

Izany no tsy maintsy ho toetrantsika ry Kristianina havana ary izany koa no averimberintsika isaky ny manao fanokanan-tena amin'ny Fo masin'i Jesoa isika : "Ry Jesoa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po, ataovy manahaka ny fonao fonay". Tsy maintsy mianatra ny Fon'i Jesoa isika mba ho Kristy mpiara-belona amin'olona.

Raha fintinina ity Alahady faha-14 mandavantaona ity dia isika izao no tsy maintsy zary Fon'i Jesoa eo amin'ny mpiara-belona, ny Fon'i Jesoa izay naratra nibaby ny fahotantsika na dia tsy nanota aza. Izany toetran'i Jesoa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po izany no hahafantaran'ny olona an'i Kristy ka izay koa no tsy maintsy ho toetrantsika eo amin'ny manodidina antsika mba hahatonga ny olona hahalala an'i Kristy. Manasa sy manentana ny olona araky ny tenin'i Kristy izany isika : "mankanesa aty amiko...", isika no hanampy ny olona hanatona an'i Jesoa.

Hoy Md François de Sales : "Tsy amin'ny alalan'ny vinaigre no hahazoantsika an'ireo lalitra manodidina antsika, izany hoe ny mety hanapotika an'izao rehetra izao ; fantantsika fa ny lalitra dia amin'ny alalan'ny tantely no entintsika hitarihana azy ireo, torak'izany koa amin'ny alalan'ny fitiavana marina no ahafahantsika mitarika ny hafa hanatona an'i Jesoa ka hahatsapany araky ny Vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'i Zakaria Mpaminany : "Faly ny olona satria tonga ilay hafatra hitondra fahasoavana ho azy ireo".

Tsy ho takatry ny saintsika izany fahasoavana izany, tsy amin'ny alalan'ny fahaizantsika ara-tsaina no entintsika handresy lahatra an'ireo olona manodidina antsika na koa amin'ny alalan'ny fomba maro ety ivelany fa amin'ny alalan'ny fiainantsika anatin'ny fahatsorantsika, anatin'ny fanetren-tenantsika. Izany no nahatonga an'i Jesoa ao amin'ny Evanjely mitodika amin'ny Ray : " *"Misaotra Anao aho, Raiko, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa nanafina ny hevitrao tamin'ny hendry sy ny be saina Ianao, ary nanambara azy tamin'ny tso-po kosa. Eny, misaotra Anao aho, Raiko, fa izany no sitra-ponao."* Tsy Andriamanitra no manafina ny tsiambaratelony amin'ireo manam-pahaizana fa noho izy ireo tsy manana ny fahatsoram-po sy fanetren-tena matetika.

Mitodika amintsika EOV amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody ato amin'ny diosezin'Antsiranana izao izay efa natomboka efa ho roa taona izay. Sinaody miara-dalana amin'ny Sinaody iombonana erantany. Izao tokoa ny andro tsara, androm-pahasoavana irosoantsika lalindalina kokoa. Fa indrindra ny hahatonga antsika ho Fianakaviana Eglizy kely miaro sy mikolokolo ny zava-boaary. Tsy tanteraka izany raha tsy manahaka ny fon'I Jesoa isika izany hoe raha tsy malemy fanahy sy manetry tena isika

Io fahalemem-panahy io no mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona, izany no hahafantarantsika an'i Jesoa, raha mahalala an'i Jesoa isika dia miova ny fontsika na dia eo aza ny fanenjehana ety ivelany, na dia eo aza ny hetraketraka ataon'ny olona dia isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona araka ny voalazantsika hoe tsy maintsy manorina Eglizy olo, Eglizy mpanompo sy sy Eglizy mahafoy tahaka an'i Kristy isika, Eglizy martiry izany hoe mahafoy ny aina ka mijoro ho vavolombelona araka ny teny fanevan'ny Sinaody.

Noho ny vokatry ny hetraketraka eo anivon'ny fiaraha-monintsika, eo anivon'ny fianakaviantsika, eo amin'ny toeram-piasana sy ny sekoly ary hatramin'ny tontolo iainana aza dia tsy misy lova intsony ny hoavintsika satria famonoan-tena no ataontsika amin'ny tsy fanajana ny tontolo iainana, maty ny taranaka araka ny voalaza hoe izay mandoro ala, izay manao tevy ala dia tsy hoe mandrora mitsilany fotsiny fa mamono taranaka, fa izay mamboly kakazo kosa dia mamboly fanantenana, mizara aina amin'ny hafa ka mankato ny tenin'i Kristy hoe mankanesa aty amiko ianareo izay mitondra enta-mavesatra sy vesaram-pijaliana fa hanamaivana anareo aho. Maivana tokoa ny fiainantsika raha manahaka an'i Kristy malemy fanahy isika amin'ny fiainantsika andavanandro, amin'izay tsy misy

intsony ireny korontana sy herisetra sy hetraketraka eo anivon'ny fiaraha-monina sy tontolo iainantsika ireny fa ao anatin'ny fiadanana no iainantsika ary fiadanana tsy araky ny fanomezan'izao tontolo izao satria ny fandriam-pahaleman'izao tontolo izao dia matetika filaminana vokatry ny herisetra entina mampandry tany fa filaminana. Hahita fiadanana tokoa isika raha voahajantsika ny tontolo manodidina antsika ka amin'izay Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa isika tahaka ny ampianarin'i Md Paoly amintsika hoe : " *Ary raha ny Fanahin'izay nanangana an'i Jesoa ho velona no mitoetra ao anatinareo, dia izay nanangana an'i Kristy Jesoa koa no hamelona ny vatanareo mety maty, noho ny Fanahiny izay mitoetra ao aminareo".*

Feno ny fanahin'Andriamanitra isika ka izany fanahy nanangananana an'i Jesoa ho velona izany no mitoetra amintsika. Tsy fanahin'izao tontolo izao, fanahy ara-nofo satria raha ny nofo no manjaka dia ny lainga, ny fitsaraham-belatsihy, ny fitapitaka, ny risoriso, ny vetaveta, ny korontana, ny ady sns… no misongadina.

Tsy ireny no manjaka raha i Kristy no avelantsika manjaka amintsika, eo anivontsika. Raha ny Fanahin'i Kristy no avelantsika manjaka amintsika dia zary malemy fanahy sy manetry tena ao am-po tokoa isika. Araka ny voalazan'i Md Paoly dia hitoetra ao anatintsika i Kristy ka zary fiadanana ny fianantsika. Io no irintsika mianakavy fa tsy ny fahendren'izao tontolo izao.

"Misaotra anao aho Raiko noho ianao nanafina an'izany rehetra izany tamin'ny olon-kendry fa nanambara izany amin'ny tso-po kosa".

Ry Jesoa Tompo ô, enga anie hanahaka anao tokoa izahay ary indrindra enga anie ho tonga eto anivonay ianao niany milaza hoe “mankanesa aty amiko". Enga anie izao Sinaody izao hanampy anay hifanojo aminao ka hiova izahay. Ampianaro izahay hanana fahalemem-panahy araka ny nampianaranao ary indrindra araka ny oha-piainana natoronao. Enga anie izahay hanana Fo feno fitiavana sy fanetren-tena ka ho lavitra anay anie ny avonavona sy fialonana izay matetika voizin'ny fisainanan'izao tontolo izao mitondra mandrakariva amin'ny hetraketraka sy fandrodanana. Enga anie hanjaka kosa ao am-ponay ny fahendren'ny Evanjely. Hiova anie ny fifandraisanay amin'Andriamanitra ka hitoetra ao Aminao izahay. Ianao tokoa anie hampianatra anay ka hiova amin'izay ny fifandraisanay amin'ireo manodidina anay, ny fifandraisanay eo anivon'ny fiaraha-monina ary ny fifandraisanay amin'ny zava-boahary.

Misaotra anao tokoa izahay ry Jesoa Kristy zokinay satria nampahafantarinao anay izany lalan-kombana izany ary tsy iza ny làlana fa Ianao ka tohano amin'ny fahasoavanao izahay.

Masina Maria Renin'I Jesoa, Reninay, fantatrao fa osa sy malemy izahay ka mora voasariky ny rendrarendran'izao tontolo izao, tantano izahay ho any amin'I Jesoa, ampianaro izahay mba ho be fitiavana tokoa, hanana fahalemem-panahy sy fanetren-tena tahaka anao ka zary Tabernakla Velona. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy ankininay aminao ny fianakaviana jiaby mba ho Eglizy kely tokoa ka hahay hampanjaka ny marina eo anivon'ny fiaraha-monina ka hanorina indray ilay Tranobe Iombonana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson